

**SARY ANEHOANA AN'I JESOSY AO AMIN'NY APOKALYPSY – FIZARANA FAHAROA
JESOSY, ILAY TOMPO NITSANGANA TAMIN'NY MATY
Par Dr. Derek Morris**

Toko sy andininy fototra : Apok 1:9-18.

Foto-kevitra : Iza Ilay avy any an-danitra niseho tamin'ny Apostoly Jaona ao amin'ny fiandohan'ny bokin'ny Apokalypsy hilaza ny zavatra tsy maintsy ho tonga faingana?

Hevitra fanohanana : Jesosy, Ilay nitsangana tamin'ny maty.

Hevitra halalinina : Ilay avy any an-danitra niseho tamin'ny Apostoly Jaona ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy hilaza ny zavatra tsy maintsy ho tonga faingana dia Jesosy, Ilay Tomp nitsangana tamin'ny maty.

Hevitra aroso amim-pahaiza-mandahatra ara-toriteny: Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, mitondra fanantenana ho antsika.

Zava-kendrena : Ny hanampy ny mpihaino hahazo an-tsaina tsara fa ny fitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty dia mitondra fanantenana amin'ny lafiny roa:
Jesosy dia tena Zanak'Andriamanitra, Mpamonjy ary Tompo
Ny nitsanganany tamin'ny maty dia antoka ho antsika ihany koa ny amin'ny hoe mandresy ny fahafatesana ihany koa isika ao Aminy!

TENY FAMPIDIRANA

Tohizantsika ny dia mijery ny « SARY AN'OHATRA anehoana an'i JESOSY » ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy, boky farany ao amin'ny Baiboly antsoina ihany koa hoe: Ny Fanambarana an'i JESO KRISTY. Izany dia Fanambarana avy amin'i Jesosy Kristy ho an'i Jaona mpanompony ny amin'ny zavatra tsy maintsy ho tonga faingana. Kanefa Fanambarana ny amin'i Jesosy Kristy ihany koa izany.

Amin'ity Sabata manokana ity izay fifadian-kanina sy anaovana tolona amam-bavaka dia handinika sary aman'ohatra hafa indray maneho an'i Jesosy ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy isika: « JESOSY,ILAY TOMPO NITSANGANA TAMIN'NY MATY »

Manasa anareo aho hanokatra ny Baibolinareo ao amin'ny boky farany ao amin'ny Baiboly, Fanambaran'i Jesosy Kristy, atombontsika vakiana ao amin'ny Apok 1:9.

APOK 1:9-FANORITSORITANA NY AMIN'NY NOSY PATMOSY

Ny nosy Patmosy dia tsy toerana fakan-drivotra any amin'ny faritra Mediteranea tsy akory ! Patmosy dia toerana fanaovana sesitany; karazana Alcatraz n'ny tontolo teo aloha. Patmosy dia any amin'ny faritra atsinanan'ny Ranomasina Eggée, anelanelan'i Grèce sy Azia minora izay Turquie ankehitrio.

Ny nosin'i Patmosy dia eo amin'ny 240 kilaometatra tena any atsinanan'i Athènes; izany hoe eo amin'ny 965 kilaometatra any atsimo atsinanan'i Efesosy. Tany be harambato, kitratraina tsy misy hazo, nampiasaina ho fihadiam-bato ary ho fonja.

Efa lahiantitra i Jaona no nailika tany amin'ny nosy Patmosy noho ny nijoroany vavolombelona ny amin'i Jesosy. Mivavaka amin'Andriamanitra aho mba ho fijoroana vavolombelona matanjaka ny amin'i Jesosy toy izany ihany koa no asehontsika raha misy te-hampikombom-bava antsika, te-hanao antsika ho babo, te-hampangina antsika.

Tsy hoe te-henjehina aho tsy akory. Tsy hoe tiako ny hisian'ny korontana. Fa mivavaka kosa aho mba isian'ny fijoroana vavolombelona mahery tokoa na dia hihatra aman'aina aza, na dia hanohintohona ny fianakaviana aza, na dia hanohintohina ny fiaraha-monina aza ! Fijoroana vavolombelona toy izany no nataon'ny apostoly Jaona ary namoizany ny ainy tao amin'ny nosy Patmosy!

APOK 1:10 NY ANDRON'NY TOMPO

Tohizantsika ny famakiana ny teny : Apok 1:10.

Misy kristiana sasany mihevitra fa Alahady no atao hoe andron'ny Tompo, andro voalohany amin'ny herinandro. Tsy misy andininy na dia iray aza manaporofa an'izany; tsy misy mihitsy. Marina fa nisy sasantsasany tamin'ireo atao hoe rain'ny fiangonana tamin'ny taon-jato faharoa no nampiasa ny teny hoe andron'ny Tompo ho enti-manandro nyandro voalohany amin'ny herinandro. Kanefa mampidi-doza ny manazava ny Soratra Masina amin'ny alalan'izay zava-niseho taty aoriana. Satria ny Soratra Masina rahateo dia efa nampitandrina rahateo ny amin'ny isian'ny fihemorana hiala amin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra.Noho izany ny fisian'ny rain'ny fiangonana nony taty aoriana nampiasa ny teny hoe « Andron'ny Tompo » ilazana ny Alahady dia tsy manaporofa tsy akory fa izany no tao an-tsain'i Jaona.

Mamelà ahy hianareo hamerina izay nolazaiko tary am-boalohany : tsy misy mihitsy na dia andininy iray aza ao amin'ny Soratra Masina ahazoana mitaratra hoe Alahady no Andron'ny Tompo,andro voalohany ao amin'ny herinandro. Ary io andininy nojinerintsika io dia tsy milaza mihitsy hoe novana ho Alahady izay andro voalohany ao amin'ny herinandro ny andro fiankohofana.

Ny andro izay lazaina mazava fa Andron'ny Tompo ao amin'ny Soratra Masina dia ny Sabata izay andro fahafito ao amin'ny herinandro. Ao amin'ny didy fahefatra mihitsy mantsy dia manambara ny Tompo Andriamanitsika hoe : « Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito....Toy izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy. »Ary Jesosy dia nanindry mafy ao amin'ny Mar 2:28 hoe « Ka dia Tompon'ny Sabata ny Zanak'Olonana »

« Tsy mitombina ny hoe Alahady no andron'ny Tompo satria tsy mibaribary avy ao amin'ny Baiboly na avy amin'ny toe-javatra hafa ivelan'ny Baiboly izany. Ny foto-kevitra tsy azo ialana dia manamafy ny Sabata ho andron'ny Tompo. Etsy an-danin'izany, ny maha-boky mikasika ny fiavian'i Kristy ny Apokalypsy ary amin'ny maha-boky tsy azo anesotresorana azy dia vao mainka manamafy ny amin'ny hoe ny Andron'ny Tompo dia ny andro iavian'ny Tompo - Apok 1:7...

Ny bokin'ny Apokalypsy dia mitaratra ny fiavian'ny Tompo sy ny fisehoan-javatra mifandraika amin'izany. Ankoatran'izany dia toerana goavana no sahanin'ny Sabata ary manana ny maha-izy azy eo amin'ny toe-javatra hiseho amin'ny andro farany ihany koa izany Sabata izany; noho izany dia tsy hoe tsy azo heverina tsy akory ny hoe mandray roa ny dikan'io fehezan-teny mifono zava-dalina nambaran'i Jaona

io. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia tian'i Jaona ny ahafantaran'ny mpamaky azy fa tamin'ny Andron'ny Tompo (Sabata) no nahazoany ny fahitana satria ny fahitana dia mikasika « ny andron'ny Tompo » (fiafaran'ny fitsarana) izay foto-javatra mikasika an'izany ny Sabata. » (Ranko Stafanovic, Famoaboasana ny Bokin'ny Apokalypsy, famoahana faharoa, t.96).

APOK 1:11-17-ILAY BE VONINAHITRA

Andeha hotohizantsika ny famakiana ny Apok 1. ka ny and .11-17. Eto mihitsy no tena ahitantsika ny amin'ny hoe Iza marina Ilay Be voninahitra. Taty aoriana araka ny hita ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy dia niankarapoka teo an-tongotr'ilay anjely i Jaona. Ary mariho tsara ny valiteny nataon'ilay anjely ao amin'ny Apok 19:10 ; ary hoy ilay anjely.....

Andeha iverenantsika ny ao amin'ny Apok 1:17 izay ahitana ny apostoly Jaona niankohoka tahaka ny maty teo an-tongotr' Ilay Be Voninahitra. Inona no nasetrin'Ilay Be Voninahitra ?

Apok 1:17-18....Iza io anankiray be voninahitra ao amin'ny Apok.1 io? Tsy anjely ara-bakiteny io.

Tsy iza io fa Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty! Jereo anie! Hoy Izy: « Izaho Ilay velona ; efa maty Aho nefa indro velona mandrakizay ! » Eto amin'ny toko voalohany amin'ny bokin'ny Apok. Ity no ahitantsika fanehoana an'i Jesosy ho Ilay nitsangana tamin'ny maty !

Moa va nahafantatra an'i Jesosy i Jaona teto ? Na inona na inona niseno dia fantatr'i Jaona tsara Jesosy. Jaona no ilay mpianatra tian'i Jesosy. Tsy nambaran'i Jaona amintsika na fantany na tsia hoe Jesosy io miseho aminy io. Zavatra iray loha no azo antoka. Tsy mbola nahita an'i Jesosy tamin'ny voninahiny rehetra i Jaona hatreto Na dia ny voninahitra teo amin'ny tendrombohitra fiovan-tarehy aza dia tsy azo oharina amin'ny voninahitry ny Tompo izay nitsangana tamin'ny maty ! Mariho fa nanendry an'i Jaona tamin'ny tànany ankavanana Jesosy. Ahoana no maha-zava-dehibe an'izany ?

Nahoana no nosoritan'i Jaona mihitsy ilay hoe tànana ankavanan'i Jesosy no nentin'i Jesosy nanendry azy ? Satria fanehoam-pankasitrahana izany. Satria fandrotsaham-pitahiana izany.

« Aza matahotra hianao fa momba anao Aho; ary aza miherikerika foana fa Izaho no Andriamanitrao; Mampahery anao Aho sady mamonjy anao; Eny, mitantana anao amin'ny tànana ankavanan'ny fahamarinako Aho! » (Is 41:10)

NY AO AMBADIKY NY HOE JESOSY NO ILAY NITSANGANA TAMIN'NY MATY :

Nahoana moa no zava-dehibe izany fanehoana an'I Jesosy Tompo nitsangana tamin'ny maty izany?

1. IZY NO NANAMBARA NY TENANY HO MESIA, ZANAK'ANDRIAMANITRA, MPAMONJY ANTSIKA

Satria Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, no mitondra fanantenana ho antsika! Tsy manaporofa na inona na inona ny hoe maty teo an-kazo fijaliana. Maro ny olona nahita fahafatesana teo an-kazo fijaliana.

Ny filazana fotsiny hoe Mesia dia tsy manaporofa na inona na inona. Maro ny olona nilaza ny tenany ho Mesia.

Fa Jesosy kosa, rehefa avy nanolotra ny ainy ho antsika ka noratraina noho ny fandikan-dalàna nataontsika ary notorotoroina noho ny helotsika dia nitsahatra tao am-pasana tamin'ny Sabata; Andriamanitra ihany koa dia nitsahatra tamin'ny asa efa nataony rehefa vita ny famoronana; ary Jesosy dia nitsangana avy tao am-pasana raha vao maraina tamin'ny andro voalohany amin'ny herinandro. Nandresy ny fahafatesana Jesosy ! « Ry fahafatesana ô ! Aiza ny fanindronanao ? Ry fahafatesana ô, aiza ny fandresena ? »

Ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty no manome toky antsika fa Jesosy tokoa no Ilay Anankiray nanambara ny tenany ho Mesia, Zanak'Andriamanitra ary Mpamonjy an'izao tontolo izao.

Nefa mety hiteny koa hianao hoe : « Nisy olona hafa koa anie natsangana tamin'ny maty e! Nandritry ny asan'i Jesosy, Lazarosy dia natsangana tamin'ny maty, ny zanakalahin'ilay mpitondra tena tao Naina, ny zanakavavin'i Jairo. Natsangana tamin'ny maty ireo voalaza teo ireo, ary mbola nisy maro hafa koa aza fa ny nananganana azy ireo dia tsy manaporofa tsy akory fa Mesia izy ireo . Fa inona marina moa izany no no mahatonga ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty ho loharanom-pahatokiana ho antsika ny amin'ny maha-Mesia Azy ?

Satria Jesosy nilaza mialoha fa hitsangana amin'ny maty ary nilaza mialoha koa Izy fa hanangana amin'ny maty ihany koa.

Tsy ela, taoriana kelin'ny nanombohany ny asany teto an-tany, dia nanome faminiana mahatalanjona Jesosy. Ny apostoly Jaona izay nanoratra ny Fanambaran'i Jesosy Kristy dia nanoratra momba an'io tenin'i Jesosy io izay hita ao amin'ny filazantsaran'i Jaona 2:19. Talohan'ny nifaranan'ny asany teto an-tany, Jesosy dia nanome faminiana hafa mikasika ny hahafatesany sy ny hitsanganany amin'ny maty – Mar. 10:32-34.

Voamarikao ve ny teny hoe “Zanak'Oloha” ao amin'io andininy io ? Teny milaza ny amin'ny Mesia io. Ary teny hita ihany koa amin'ny fanehoana an' i Jesosy ao amin'ny Apok.1.

Jesosy, Ilay Mesia, dia tsy hoe maty hisolo voina antsika fotsiny, araka ny Soratra Masina, fa nitsangana tamin'ny maty, nandresy ny fahafatesana sy ny fasana araka ny nolazainy mialoha rahateo ! Izany fanehoana an'i Jesosy izany, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia mitondra fanantenana ho antsika satria azontsika antoka fa IZY tokoa no : Mesia, Zanak'Oloha ary Mpamonjy antsika.

2. AMIN'NY ALALAN'NY FINOANA AZY DIA NAHARESY NY FAHAFATESANA ISIKA

Fa misy antony faharoa maha-tena zava-dehibe ny fanehoana an'i Jesosy ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy amin'ny maha-Ilay nitsangana tamin'ny maty Azy. Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia loharanom-panantenana ho antsika satria IZY no nanambara ny tenany ho Mesia, Zanak'Oloha ary Mpamonjy antsika.

Fa faharoan'izany, Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia loharanom-panantenana ho antsika satria amin'ny alalan'ny finoana Azy dia nandresy ny fahafatesana ihany koa isika !

Andeha isika hiara-hiverina handinika ilay fanehoana an'i Jesosy ao amin'ny Apok.1:1-18. Inona no eny an-tànan'i Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty ?

Ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny Hadesy, izany hoe ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fasana.

Fa nahoana no Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty no mitazona ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fasana ?

Satria Jesosy no nandresy ny fahafatesana. Jesosy no nandresy ny fasana. Tsy hoe ho azy izy tenany samirery fotsiny fa ho antsika rehetra rahateo ihany koa. Jesosy dia nandresy ny fahafatesana ho ahy sy ho anao.

Ahoana no ahafantarako fa Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty dia nandresy ny fahafatesana sy ny fasana ho ahy ?

Andeha hiara-miverina handinika ireo teny faran'izay fanta-daza nambaran'i Jesosy izay noraketin'i Jaona ihany koa ao amin'ny Jao 3:16. Jereokoa anie ny tenin'i Jesosy voalaza ao amin'ny Jao 6:39-40; ary toy izany ihany koa ny ao amin'ny Jao 10:27-28. Tsy misy haharombaka antsika avy eo am-pela-tànanany na dia ny fahafatesana aza !

Jesosy, Ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty, dia loharanom-panantenana ho antsika !

Mitondra fanantenana ho antsika Izy satria ny nitsanganany tamin'ny maty dia manamafy fa Izy tokoa no Mesia, Zanak'Oloha ary Mpamonjy antsika. Ary Jesosy, Ilay nitsangana tamin'ny maty, dia mivimbina fanantenana ho antsika satria amim-pinoana Azy dia nandresy ny fahafatesana sy ny fasana ihany koa isika. Isika ihany koa amin'ny maha-mpanaraka an'i Jesosy antsika dia vonjena amin'ny alalan'ny fahasoavany ka afaka mihiaka amin-kasahiana hoe: « Ry fahafatesana ô, aiza ny fanindronanao ? Ry fasana ô, aiza ny fandresena ? »

Nahoana? Satria Jesosy, Ilay Kristy natsangana no manana ny fanalahidy ! Izany no antony mahatonga an'i Kristy ho loharanom-panantenana ho antsika !

FIJOROANA VAVOLOMBELONA NATAON'I CARL

Nila fanantenana mihoatra noho ny hatramin'izay i Carl. Vao avy nandre vaovao avy any an-trano izy. Nisy zava-doza niseho mantsy. Ny vavimatoan-dry zareo antsoina hoe Mindy dia nandany ny Sabata folakandro teo anivon'ny zava-boahary niaraka tamin'ny namany teo amoron-drano tany Washington State. Nony hariva, raha mbola nita ny renirano niaraka tamin'ny namany izy dia tratry ny rano be niritra tampoka. Nindaosin'izany ranobe izany hoany amin'ny riandrano maria dia maria mampidi-doza izy ireo. Niantonta tany amin'ny fanambanin'ny renirano ny naman'i Mindy ka namikitra tamin'ny vatolampy anankiray. Mangamangana sy vandimbanditra ary voapopoka mafy io namany io saingy afaka nisetra ihany ny firiotran'ilay rian-drano. Tsy mba nieren-doza loatra toy izany i Mindy. Natsikorofoky ny rano izy ka tafahohoka nandritry ny iray kilaometatra mahery nasangodingodin'ny rano. Nandritry ny fahefadrady izy dia nalentiky ny rano. Nony avy eo, na dia mbola nisy aina kely ihany aza dia tsy nahatsiaro tena nifofotra mafy hiaina amin'ny alalan'ny havokavoka iray avy eo anankiroa efa tola dia tola ihany. Teo anelanelan'ny

fiainana sy ny fahafatesana i Mindy.

Ny rain'i Mindy dia tany amin'ny an'alinaliny kilaometatra avy eo no nandre ny vaovao mampalahelo. Nitebiteby fatratra sy nahatsiaro ho irery aok'izany i Mindy. Te-ho eo anilan-janany aok'izany i Carl hanambara ny fitiavany fatratra ity zanany. Toa tsy nampahery azy ankehitrilo ireo teny fikasana avy ao amin'ny Soratra Masina nampaherezany olon-kafa. Tamin'izay indrindra anefa dia mby tao an-tsain'i Carl ny tantaran'i Jairo izay hita ao amin'ny Mat. 9, Mar.5 sy Lio. 8. Mety hamaky an'io tantara io hianao ankoatry ny anio. Efa teo amin'ny vahohon'ny fahafatesana mihitsy ny zanakavavin'i Jairo. Nitsingevaheva ny zavatra rehetra tamin'izay ; Tena tsapan'i Carl ny tebitebin-tsaina amam-panahin'i Jairo raha niezaka nanatona an'i Jesosy. Nanakoako tao anatin'i Carl ny antsoantso toa mitory fahadisoam-panantenana tao amin'i Jairo : « Maty re ny zanako vavikely e!Manatona re ! Ametraho tãnana re izy e mba ho sitrana ka ho velona ! ». Tsapan'i Carl fa tian'i Jairo ho tanteraka eo anatrehan'ny vahoaka koa izany. Afaka 48 ora maninjihinjy vao tafody tao an-tranony i Carl; izay izy vao nandre hoe maty ora vitsivitsy talohan'izay ny zanany.

Nanakoako tao an-tsofin'i Carl ny teny nataon'i Jesosy tamin'i Jairo nanao hoe : « Aza matahotra;minoa fotsiny ihany » . Aza matahotra. Jesosy, Ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty, dia manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fasana ! Izy no tompon'ny fanalahidy !

Ny fijoroana vavolombelona nataon'i Carl dia hita ao amin'ny gazety boky Adventist Review nivoaka tamin'ny 23 Novambra 2006 . Iza no teny namaranan'i Carl ny fijoroana vavolombelona nataony : « Lafiny iray no tsy niainako raha ny toe-javatra nanjo an'i Jairo no resahina - dia tsy inona fa ny fifalian'i Jairo rehefa natolotra azy velona ny zanany.Mafy sy mavesatra tokoa ny namoizako ny zanako nefa nianiana taminy aho fa hanohy ny dia niarahako tamin'i Jesosy.....Ho avy ny fotoana, tsy ho ela, ho fantatro koa ny fifalian'i Jairo rehefa atolotr ahy ny zanako amin'ny marainan'ny fitsanganana amin'ny maty. » « Ny dia niombonako tamin'i Jairo »,ao amin'ny Adventist Review, 23 Novambra 2006,t.12)

FAMARANANA

Izany no fanantenana hitantsika ao amin'i Jesosy !

Jesosy, Ilay nitsangana tamin'ny maty, Zanak'Olona ary Mpamonjy antsika, loharanom-panantenana ho antsika satria amin'ny alalan'ny finoana Azy dia nandresy ny fahafatesana sy ny fasana ihany koa isika !

Amin'ny maraina vaovaon'ny fitsanganana amin'ny maty dia ho toy inona ny hafaliana!

Firavoravoana tsy misy toy izany ! Rehefa hitsangana avy ao am-pasana feno vovoka ireo maty tao amin'i Kristy dia ho fifalian-be tsy misy toy izany !

Mendri-pitokisana ny tenin'i Jesosy,Ilay nitsangana tamin'ny maty. Nanome teny fikasana izy :

« Izaho hanangana azy amin'ny andro farany ».

Carl sy Carol vadiny ary ireo zanany hafa dia hizaha an 'i Mindy amin'izay andro izay.

Hianao koa maniry te-hihaona amin'ny olona iray akaiky anao tianao hozahana amin'izay fotoana izay ? Moa tsy izany indrindra ve ?

Fotoam-piravoravoana manao ahoana re amin'izay fotoana izay !)

Jesosy, Ilay nitsangana tamin'ny maty no loharanom-panantenana ho antsika. Izy no manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fasana. Ary satria velona Izy dia ho velona koa isika. Satria velona Izy dia afaka hatrika ny ampitso isika. Satria velona Izy dia manindao ny tahotra rehetra. Jesosy Ilay nitsangana tamin'ny maty no loharanom-panantenana ho antsika.

Raha mbola tsy naka an'i Kristy ho Mpamonjy anao hianao, raha mbola tsy namela Azy hamela ny helokao hianao ka tsy mbola namela Azy hamonjy anao, dia manasa anao aho hanolo-tena ho azy anio.

Aoka Kristy Ilay nitsangana tamin'ny maty no hameno fiadanana ny fiainanao. Aoka Izy no aha-ampoka fifaliana ny fiainanao. Aoka Izy no hameno fanantenana ny fiainanao !

Endrey fanehoana kanto manao ahoana no hita taratra ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy ! Jesosy, Ilay nitsangana tamin'ny maty, dia loharanom-panantenana ho antsika.